**HERY RAJAONARIMAMPIANINA : VITRINE DE MADAGASCAR?**

**Matso teny Mahamasina**

**KIANJAN'IMAHAMASINA, 26 JONA 2017**

Andriamatoa Filoha... !
Tsy sanatria akory hoe dia filam-boa
tsy ary.
Fa lasa ho'aho ny saiko tamin'ny zava-
nisy omaly
Hoe hilamina eto Dago...
Raha ny isan-tokantrano no samy mba
mahazo... !
Karazana fitaratra tsy laitram-mbasy
izany
Dia hilamina ny tany…
(...)
Fitaratra hiarovan'ny vahoaka izay
ananany
Fa tafahoatra loatra ny dahalo sy ny
namany
Maneho ny asa ratsiny
F'izay tsy matiny maratrany...
(...)
Fitaratra ahafahan'ireo mitafo lanitra
Matory mahafinaritra
Tsy masy hanfirin'ny fanala sy hatsiaka
Rehefa mba ririnina ny toetr'andro eto
amintsika
(...)
Fitaratra hamefena ny haren'ny
tanindrazana
Mba tsy ry zareo vahiny no higoka sy
hitavana
Ny tombontsoan'ny Gasy...!
(...)
Omaly aloha tsy afeniko
Fa lasa ny eritreritro...!
Fa ny fitaratra eto ?
Fitaratra hiarovana ny ain'ireo Ambony
Fitaratra hiarovany izay rehetra
tombontsoany
Fitaratra haiindriana ireo tsy afaka
miteny
Mahita ny antsojay manjo ny
fireneny...!
Fitaratra manenjika izay mampiseho
ditra
Fitaratra manafaka ny mpangalatra efa
tratra... raha toa mahitahita.
(...)
Andriamatoa filoha...!
Voaaro izao ny ainao fa nohodidina
fitaratra
Mafy sy miraratra...!
Ka iangaviko indrindra aoka ianao
hijoro.
Ho fitaratra hiaro ny ain'ny Gasy
manontolo...!

MPANORATRA